

FIKAONAN-DOHA NASIONALY

Rendrika ny firenena ka tsy ekena intsony hoy ny mpanohitra

Isambilo

RENDRIKA NY FIRENENA KA TSY EKENA INTSONY IZANY, HOY NY MPANOHIRA, NANAQ FIKAOANAN-DOHA NASIONALY TENY AMIN'NY RI LA TSIO BY-PASS, NANDRITRA NY 2 ANDRO NY FARAN'NY HERINANDRO TEO, TENY AMIN'NY RI LA TSIO BYPASS. Misy ANDININY 16 NY FEHINKEVITRA NIVOAKA TAMIN'IZANY, AVY AMIN'IREO MPIVORY IZAY AVY AMIN'NY LAFY VALON'I MADAGASIKARA, NISONGADINA TAMIN'IZANY FA TOKONY HAMETRA-PIALANA NY FILOHA RAJOELINA, RAVANA NY FITSARANA AVO MOMBA NY LALAMPANORENANA, NA HCC, KA IREO MPITSARA NO HIFAMPIFIDY IZAY HAN-DRAFITRA NY HCC VAOVAO. HIROSOANA NY FIDIRANA AMIN'NY REPOBLIKA FAHA-5, IZANY HOE RAFETINA NY LALAMPANORENANA VAOVAO FA IA-LANA NY LALAMPANORENAN'NY REPOBLIKA FAHA-4, IZAY TSY VOAHAJA SY ITSAKITSAHAN'NY FITONDRANA AMIN'IZAO FOTOANA.

**FIKAONAN-DOHA NASIONALY MIKASIKA
NY RAHARAHAM-PIRENENA
23 SY 24 JOLAY 2021**

FEHIN-KEVITRA

Ny fikaonan-doha nasionaly natao ny faha 23 sy 24 jolay dia nokarakarain' ny mpanohitra niaraka tamin' ireo sokajin'olona maro samihafa izay tsy mankasit-raka ny fitantanana ny firenena amin'izao fotoana izao. Tonga maro tamin'izany ireo solontenan'ny antoko politika mpanohitra maro, ireo mpikambana ao amin'ny RMDM, ny solontenan'ireo sendika, ny firaisamonim-pirenena, solontenan'ireo fikambanana maro samihafa, ary olon-tsootra maro. Maro ihany koa ireo solontena avy any amin'ny faritra tonga nanatrika ny fikaonan-doha.

Niara-nanaiky ireo mpivory fa mandeha any amin'ny lalana tsy tokony hizarany ny firenena, latsaka anatin'ny fahantrana lalina ny vahoaka Malagasy ka miantraika hatrany anaty vilanin'ny tokantrano tsirairay ny fahasahiranana. Rendrika ny firenena. Manjaka ihany koa ny didy jadona sy ramatahora eo amin'ny fitantanana ny raharaham-pirenena. Tsy mipetraka intsony ny demokrasia sy ny tany tan-dalàna ary voahitsakitsaka ny Lalampanorenana.

Rehefa niara-nidinika ny mpivory, dia nifanaike fa tsy azo avela ho rendrika ny firenena ary dia mamoaika izao fehin-kevitra izao:

1. Nohon'ny faniatsakitsahina miverimberina ny Lalampanorenana sy ny tsy fanajàna ny fianianana izay nataony milaza hoe **"Hanaja sy hitandrina toy ny anakandriamaso ny Lalampanorenana sy ny lalàm-panjakana"** dia takiana ny fialan'ny filohan' ny Repoblika. Izany dia antoky ny fametrahana firenena tan-dalàna.

2. Ravana ny Lalampanorenana ary atomboka ny fandinihana ny Lalampanorenana vaovao andraisan'ny rehetra anjara mba hidirana any amin'ny Repoblika faha-dimy.

3. Takiana ny fialan'ireo mpikambana ao amin'ny Fitarana Avo momban'ny Lalampanorenana (HCC), ka soloina mpikambana vaovao izay ny mpitsara no tokony hifidy azy ireo araky ny traikefa hananany mba ho tena hahaleo-tena izy ireo. Miraka amin'izany ihany koa dia apetraka ireo rafim-pitsarana mahaleo-tena.

4. Takiana ny fametrahana ny demokrasia sy ny fanajàna ny zon'ny tsirairay haneho hevitra malaka sy hanao famoriam-bahoaka. Sokafana ho an'ny rehetra, ka tafiditra amin'izany ny mpanohitra, ny haino aman-jerim-panjakana dia ny RNM sy TVM izany.

5. Averina amin'ny asany amin'ny fitandroana ny filaminana dia ny fiarovana ny vahoaka sy ny fananany ary ny fiarovana ny tanindrazana iombonana ny miamila sy ireo mpitandron'ny filamina fa tsy ho atao fitaovana politika sy herim-pamoretana intsony.

6. Takiana ny famoahana tsy misy hatakandro ireo gadra politika rehetra.

7. Takiana ny fanaovana laharam-pahamehana ny sosialim-bahoaka mba hanao mianjady amin'ny vahoaka Malagasy

8. Takiana ny hanaovana laharam-pahamehana ny famoronana asa, ka tafiditra ao anatin'izany ny fanohanana ireo orinasa Malagasy madinika sy salantsalany izay tena manome asa haingana ny vahoaka. Atao laharam-pahamehana ny fanodinana ireo akora misy eto an-toerana.

9. Tsy maintsy ampitomboina ny famokarana herinaratra amin'ny alalan'ny angovo azo havaozina na **"énergies renouvelables"**.

10. Atao laharam-pahamehana ny fanampiana ireo tantsaha amin'ny fanare-nana ireo fotodrafitrasan'ny fambolena sy ny fiompiana ary ny famatsiana zeka sy maozomboly azy ireo.

11. Avaozina ny rafim-pahamehana eto amintsika, ka tafiditra ao anatin' izany ny fananganana sekoly, fanofanana ireo mpampianatra ary ny fampitaovana ireo sekoly rehetra. Averina ny **"instruction civique"** any an-tsekoly.

12. Hatsaraina ny lafiny ara-pahasalamana toy ny fampitaovana ireo mpiasan'ny fahasalamana sy tobim-pitsaboana rehetra mba ahafahana matrika ny valanaretina rehetra toy ny Covid-19, ny pesta, ny tazomoka, sns.

13. Amin'izao ady amin'ny Covid-19 izao dia takiana ny fanaovana vaksiny ho an'ny daholobe na ny vaccination de masse izany mba ahafahana miaro ny ain'ny Malagasy ary hanarenana haingana ny ara-toekarena.

14. Takiana ny fanaovana audit ny famatsiam-bola nampiasaina tamin'ny ady amin'ny Covid-19 tamin'ny 2020

15. Takiana ny fanatsarana sy ny fanaovana mangarahara ny fitantanam-bolampanjakana, ka hamafisana amin'izany ny ady amin'ny kolikoly eo amin'ny sampan-draharaham-panjakana rehetra aty amin'ny foibe ka hatrany amin'ny faritra sy ny communes.

16. Takiana ny fametrahana ny fitsinjaram-pahefana tena izy mba hisian'ny fampandrosoana mitovy isam-paritra na ny développement équitale.

Natao teto Antananarivo ny 23 sy 24 Jolay 2021

**CONCERTATION NATIONALE
23 ET 24 JUILLET 2021**

RESOLUTIONS

Le sommet national des 23 et 24 juillet a été organisé par l'opposition avec divers groupes de personnes qui n'approuvent pas la manière dont le pays est géré actuellement. Des représentants de divers partis politiques d'opposition, des membres du RMDM, des représentants de syndicats, de la société civile, des représentants de diverses organisations et de nombreux citoyens y ont participé.

De nombreux représentants des régions ont également assisté à ce sommet national. Les participants ont reconnu que le pays prend une mauvaise direction, que le peuple malgache tombe dans une profonde pauvreté et que les difficultés affectent désormais chaque foyer. Le pays est en train de sombrer. La dictature s'installe et les intimidations sont devenues une pratique courante dans l'administration des affaires publiques. Il n'y plus de démocratie ni d'état de droit et la Constitution est constamment violée.

Après délibération, les participants ont convenu qu'il est temps que le pays cesse de sombrer dans la pauvreté et ont émis les résolutions suivantes:

1. En raison des violations répétées de la Constitution et du non-respect du serment qu'il a prêté de « respecter et de protéger la Constitution et les lois en vigueur », la démission du Président de la République est exigée. C'est une garantie de l'Etat de droit.

2. L'abrogation de la Constitution et la consultation de toutes les parties prenantes pour une nouvelle Constitution en vue de l'avènement de la Cinquième République.

3. La démission des membres de la Haute Cour Constitutionnelle pour être remplacés par de nouveaux membres, élus par des juges sur la base de leurs expériences afin d'être véritablement indépendants. Parallèlement, des systèmes judiciaires indépendants seront mis en place.

4. L'instauration d'une vraie démocratie et le respect des libertés fondamentales, en particulier la liberté d'expression et la liberté de réunion pacifique. Les médias d'Etat, la RNM et la TVM devraient être ouvertes à tous, y compris l'opposition.

5. Les forces de l'ordre doivent se concentrer sur le maintien de l'ordre et de la sécurité publique pour protéger les personnes et leurs biens et pour protéger la nation et ne doivent pas être utilisées comme outils politiques et forces répressives.

6. La libération immédiate de tous les prisonniers politiques.

7. La priorisation des filets de sécurité afin d'alléger les souffrances du peuple malgache.

8. La création d'emplois et le soutien aux petites et moyennes entreprises malgaches qui fournissent rapidement des emplois à la population doivent être également priorités. La transformation des matières premières disponibles localement est également une priorité.

9. La production d'électricité doit être augmentée grâce aux énergies renouvelables.

10. L'assistance aux agriculteurs pour la réhabilitation des infrastructures agricoles et d'élevage et à la fourniture d'engrais et de semences améliorées doivent également constituer une priorité.

11. La réforme du système éducatif : construction d'écoles, formation des enseignants et fourniture d'équipements à toutes les écoles. L'instruction civique doit être réintroduite dans les programmes scolaires.

12. Amélioration du secteur de la santé : fourniture d'équipements à tous les agents de santé et à tous les centres de santé pour faire face à toutes les épidémies comme le Covid-19, la peste, le paludisme, etc.

13. Dans la lutte actuelle contre le Covid-19, la vaccination de masse est requise afin de protéger le peuple malgache et accélérer la relance économique.

14. L'audit des fonds utilisés dans la lutte contre le Covid-19 d'ici 2020.

15. Amélioration et transparence dans la gestion des finances publiques notamment par le renforcement de la lutte contre la corruption dans tous les services publics à tous les niveaux que ce soit central, régional ou communal.

16. La mise en place d'une décentralisation effective aux fins d'un développement équitale des régions.

Fait à Antananarivo, le 24 juillet 2021